# Aza avela hijoro vavolombelona amin'izany aho, satria tsy mijoro vavolombelona amin'ny tsy rariny aho

Tatitra azo avy tamin'i Noman Ibn Bachir (R.A) : Ny reniny, zanak'i Rawaha nangataka ampahan-karena tamin'ny rainy ho an-janany, ka notehiriziny nandritra ny herintaona izany ary nasehony azy, dia hoy izy : Tsy ekeko izany, Mandra-pijoroanao ho vavolombelona amin’ny irak’Allah (S.A.W), Ka noraisin’ny raiko ny tànako fony aho mbola zaza tamin’izany fotoana izany, dia tonga tany amin’ny irak’Allah ka niteny manao hoe : Ry irak’Allah, ny renin’ity dia zanakavavin’i Rawaha, Tiany ny hijoroako vavolombelonna amin'izay nomeko ny zanany, ka hoy ny irak’Allah manao hoe : “Ry Bashir, manan-janaka hafa ankoatr’ity ve ianao?” Hoy izy : Eny, avy eo dia hoy izy : “Nomenao zavatra toy izao ve izy ireo?” Hoy izy : Tsia, hoy i Mpaminany (S.A.W) : "Aza avela hijoro vavolombelona amin'izany aho, satria tsy mijoro vavolombelona amin'ny tsy rariny aho", ary amin'ny fitantaran'ny Moslim : "Dia ampijorory vavolombelona amin'ny olona ankoatra ahy".

[Mari-pototra]

Nitatitra i Al-Noman bin Bashir (R.A) fa i Amra bint Rawaha reniny dia nangataka tamin-drainy mba hanome ampahany amin'ny volany ho an'ny zanany, saingy nisalasala izy ary nanemotra izany iray taona, dia noheveriny fa hamaly ny fangatahany izy ary hanome an'i Al-Noman zanany lahy, ka hoy izy : Tsy hanaiky aho raha tsy mijoro vavolombelona ny amin’izay nomenao ny zanako ny irak’Allah, fony aho mbola kely, ka tonga tany amin'ny irak'Allah (S.A.W) ary niteny manao hoe : Ry irak'Allah ô, ny renin'ity dia zanakavavin'i Rawaha dia tiako ny mba hijoroanao vavolombelona momba izay nomeny ny zanany lahy, dia hoy i Mpaminany (S.A.W) : Ry Bashir, manan-janaka hafa ankoatr'ity ve ianao? Hoy izy : Eny. Hoy izy : Nomenao mitovy amin'izao ve izy rehetra? Hoy izy : Tsia. Ary hoy i Mpaminany (S.A.W) : Noho izany, aza ampijorona vavolombelona aho, fa izaho dia tsy mijoro vavolombelona amin'ny fampahoriana sy ny tsy rariny. Ary hoy i Moslim, nananatra azy : Fa ny hafa kosa mijoro vavolombelona amin'izany tsy rariny izany.